Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

SAP 31 MAI 2017

NY ADIM-PANAHIN'NY KRISTIANA (Efe. 6, 10-24)

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

NY ADIM-PANAHIN'NY KRISTIANA (Efe. 6, 10-24)

- 10Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany. 11Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly. 12Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra#Gr. lanitra. 13Ary noho izany, dia raiso avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hanohitra amin'ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra ianareo.

NY ADIM-PANAHIN'NY KRISTIANA (Efe. 6, 10-24)

- 14Mifahara ary, ka sikino fahamarinana ny valahanareo, ary mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra, 15ary kiraroy ny fahavononam-panahy avy amin'ny filazantsaran'ny fihavanana ny tongotrareo; 16ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipìka mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy. 17Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha sy ny tenin'Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy; 18ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra,

NY ADIM-PANAHIN'NY KRISTIANA (Efe. 6, 10-24)

- 19ary ho ahy koa mba homena ahy ny hiloa-bava amin'ny fahasahiana hampahafantatra ny zava-miafina momba ny filazantsara 20 Iraka migadra noho izany aho, mba hiteny izany amin'ny fahasahiana aho, toy izay mety hoteneniko. 21Fa mba ho fantatrareo koa izay toetro, dia Tykiko, rahalahy malala sady mpanompo mahatoky ao amin'ny Tompo, no hampahalala anareo ny zavatra rehetra; 22izy no nirahiko hilaza izany zavatra izany indrindra aminareo, mba ho fantatrareo ny toetray, ary mba hamporisihiny ny fonareo. 23Fiadanana anie ho an'ny rahalahy ary fitiavana mbamin'ny finoana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. 24Ny fahasoavana anie ho amin'izay rehetra tia an'i Jesosy Kristy Tompontsika amin'ny fitiavana tsy mety levona. Amena.

FANDRAVONANA NY TAONA 2016-2017
Ny Epistily ho an'ny Efesiana

- Mitoetra ao amin'i Kristy (1, 4-5) na ny Fiainana vaovao (1,3-2,10)
- Fiaraha-monina vaovao (2, 11- 3,21)
- Fitsipika vaovao (4, 1-5,21)
- Fifandraisana vaovao (5,21-6,24)

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

Mitoetra ao amin’i Kristy (1, 4-5) na ny Fiainana vaovao (1,3-2,10)

- « 4Fa Andriamanitra, Izay manan-karena amin'ny famindram-po, noho ny halehiben'ny fitiavany izay nitiavany antsika, 5na dia fony mbola matin'ny fahadisoana aza isika, dia nahavona antsika niaraka tamin'i Kristy (fahasoavana no namonjena anareo); 6ary niara-natsangany isika ka **niara-napetrany** any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy.»

Fiaraha-monina vaovao (2, 11- 3,21)

- « 13fa ankehitriny kosa, ao amin'i Kristy Jesosy, ianareo izay lavitra fahiny dia efa nampanakeken'ny ran'i Kristy. 14Fa Izy no fihavanantsika, Izay nahiray antsika roa tonta ka nandrava ny efitry ny fisarahana.. »

Fitsipika vaovao (4, 1-5,21)

- «1Ary noho izany izaho, mpifatotra noho ny amin’ny Tompo, dia mangataka aminareo mba **handeha** miendrika ny fiantsoana izay niantsoana anareo, »
- «17Koa izao no lazaiko sady ambarako ao amin'ny Tompo: ny tsy mba **handehananareo** intsony tahaka ny fandehan'ny jentilisa amin'ny fahafoanan'ny sainy;

Fifandraisana vaovao (5,21-6,24)

- « 21sady mifanaiky amin'ny fahatahorana an'i Kristy…, »

- Ny andraikitrin'ny vehivavy, 5, 22-24

- Ny andraikitrin'ny lehilahy, 5, 25-33
  -Ets.

NY ADIM-PAHANIN'NY KRISTIANA

- Ny fahavalo iadiana (10-12)
- Ny fahefana sy fanapahana
- Ny fiadian'ny mino
- Fehiny 6, 21- 24

NY ADIM-PAHANIN'NY KRISTIANA

Ny fahavalo iadiana (10-12)

- Efa voaresaka tao amin'ny 2,2 sy 4,27 ny fahavalo
- Misy Fanoherana == > mila miorina tsara
- Inona no toherin'izy ireo fahavalo ?
  - Ny fifandraisana amin'Andriamanitra
  - Ny fifandraisana samy mino, ny mpivady, ny mpianaka, ny mpino tsirairay

NY ADIM-PAHANIN'NY KRISTIANA

Ny fahefana sy fanapahana

- Fanahy ratsy miasa amin'ireo rafi-panjakana sy rafi-pitondrana iraisam-pirenena misy eto amin'izao tontolo izao : Ohatra : ONU, FMI ets…
- Fanahy ratsy miasa sy manjaka eo amin'ny firene-tsamy hafa
- Fanahy ratsy miasa eo anivon'ny fiangonana sy ny fianakaviana te-hanimba sy hanapotika
  Efa resen'i Jesosy izy rehetra ireo. Mila matoky izany ny mino.

NY ADIM-PAHANIN'NY KRISTIANA

Ny fiadian'ny mino

- Averin'i Paoly in'efatra eto ny hoe **: Mifahara sy ny tohero**
- **Ny kristiana izay tsy miorina tsara ao amin'i Kristy dia ho mora voatafika**
- **Andriamanitra no manome ny fiadiana…**

NY ADIM-PAHANIN'NY KRISTIANA

- **Fehiny 6, 21- 24**
- 21Fa mba ho fantatrareo koa izay toetro, dia Tykiko, rahalahy malala sady mpanompo mahatoky ao amin'ny Tompo, no hampahalala anareo ny zavatra rehetra; 22izy no nirahiko hilaza izany zavatra izany indrindra aminareo, mba ho fantatrareo ny toetray, ary mba hamporisihiny ny fonareo. 23Fiadanana anie ho an'ny rahalahy ary fitiavana mbamin'ny finoana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. 24Ny fahasoavana anie ho amin'izay rehetra tia an'i Jesosy Kristy Tompontsika amin'ny fitiavana tsy mety levona. Amena.